



## FANAMBARANA



Manoloana ny aliahy ateraky ny fahafantarana fa misy mitondra ny tsimok'aretina Coronavirus ny tantsambo sasany niasa tao anatin'ny sambo mpitatitra solika "MAHATSANGY" ny volana aprily lasa teo dia raisinay ho adidy ny mitondra ireto fanazavana manaraka ireto:

Arak'ity zotra voalaza eto ambany ity dia TSY manao fitaterana avy any ivelany miditra eto Madagasikara na avy eto Madagasikara mivoaka any ivelany ny sambo mpitatitra solika Mahatsangy.

### Lalana nalehan'ny sambo Mahatsangy tao anatin'ny 1 volana farany

	Toamasina	Ehoala	Toliara	Mahajanga	Antsiranana	Toamasina	Vohémar
Fahatongavana	10/04	15/04	18/04	23/04	30/04	12/05	17/05
Fialana	13/04	16/04	21/04	29/04	10/05	15/05	18/05

Tsara ny manamarika fa tsy nivoaka ny sambo ireo tantsambo nandritra ny diany mamatsy ireo toby fitahirizana solika voatanisa etsy ambony.

Ireo mpamatsy sakafo sy ny kojakoja ilaina amin'ny fiainana andavan'andro ao anaty sambo koa dia tsy mifanerasera amin'ireo tantsambo mihitsy. Eo amin'ny fidirana ny sambo izy ireo no mametraka ny entana nafarana. Eo ireo tantsambo no maka ny vatsy rehefa lasa ireo mpamatsy.

Mba hanamafisana ny ady amin'ny fiparitahan'ny aretina "covid 19" dia atao fitiliana ireo tantsambo rehetra isaky ny ilaina. Noho izany ezaka izany dia voamarina tamin'ny fandalovan'ny sambo tao Antsiranana fa nisy tamin'ireo tantsambo no tsy marary fa nitondra ny tsimok'aretina coronavirus.

Ny fepetra mihatra andavan'andro ao anaty sambo sy mandritra ny fandalovan'ny sambo amin'ny toerana iray dia hahafahana misoroka ny tsy fifindran'ny tsimok'aretina amin'ireo olona ivelan'ny sambo.

Mbola nohamafisina ny fepetra fiarovana ny hafa sy fisorohana ny mety ho fiparitahan'ny tsimok'aretina rehefa vaoamarina fa nisy nitondra ny tsimok'aretina ireo tantsambo :

- natoka-monina ireo tantsambo rehetra na ireo nitondra na ireo tsy nitondra ny tsimok'aretina ary najanona amin'ny toerana manokana izay mifanaraka amin'izany;
- nodiovina sy nofendrahana fanafody ny sambo sy ny kojakoja rehetra ao anatiny;
- nanafarana andiana tantsambo vaovao hisolo ireo tantsambo rehetra natoka-monina ka toy izao ny dingana nolalovan'izy ireo:
  - nampanantsoina isam-paritra ary nangonina teto Antananarivo;
  - nampanaovina fitiliana PCR sy natoka-monina teto Antananarivo;
  - nalefa nihazo an'Antsiranana tamin'ny alalan'ny fiaramanidina manokana rehefa voamarina fa tsy mitondra ny tsimok'aretina;
  - naverina natao fitiliana PCR tany am-pahatongavana tany Antsiranana ary nahazo fanamarinana fa tsy mitondra ny tsimok'aretina izay vao niditra tao anaty sambo rehefa avy nandalo fanadiovana sy famendrahana fanafody ito farany sy ny kosakoja rehetra tao anatiny.

Marihina fa ambaratongam-pahafana maro no miara-misalahy amin'ny fampanajana ny fepetra rehetra eo amin'ny fandraisana sambo isaky ny fiantsonana. Isan'izany ny APMF, ny tompon'andraikitra ara-pahasalamana ifotony, ny solontenan'ny tompon'ny sambo, ireo Mpitsabo eo amin'ny Médecins des gens de mer, ny tompon'andraikitra isam-paritra sns, izay handefasana ny fisaorana betsaka amin'ny fandraisana andraikitra izany.

Eto ampamaranana dia tsara ny mahafantatra fa ny sambo Mahatsangy, Avisoa, Barge Express, Prestige IV ary Managnara II no miantoka ny famatsiana solika ny toby fitahirizana rehetra any amoron-tsiraka. Ny famatsiana solika ny firenena sy ireo toby fitahirizana rehetra ato anatin'ny koa dia mandeha an-tsakany sy an-davany. Ny fandaminana rehetra napetraka dia sady hahafahana miady amin'ny mety ho fiparitahan'ny tsimok'aretina coronavirus no miantoka ny fitohizan'ny famatsiana solika.

Antananarivo, Alarobia 12 mey 2021

Ny Tale Jeneralin'ny OMH



Olivier JEAN-BAPTISTE \*



Ny Tale Jeneralin'ny LPSA



Afsar SOOBADAR